# Lesona 1: Fiomanana amin'ny fivoriana sy fitarihana fivoriana

*Azonao ampianarina manontolo ity lesona ity na tsinjaraina ho fizarana fohifohy maromaro. Ampifanaraho amin'ny zava-misy sy ny zavatra mety ilain'ny fiadidian'ny kôlejy na ny kilasy sy amin'ny taonan'izy ireo ary ny fahatakaran'izy ireo ny lesona.*

## MANASA ANTSIKA NY TOMPO NY HIFANDAMINANTSIKA

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:119. Ifanakalozy hevitra ny fomba hampiharana ilay torolalan'ny Tompo hoe "mifandamina ianareo" amin'ny fivorian'ny fiadidian'ny kôlejy sy ny kilasy. Inona avy ireo zavatra sasany azontsika atao handaminana ireo fivoriantsika?

## NY FANAOVANA DRAFITRA HO AN'NY FIVORIANA DIA MANAMPY ANTSIKA HANDAMINA NY ASAN'NY TOMPO.

Ampio ny fiadidian'ny kôlejy na ny fiadidian'ny kilasy hameno maodelina fandaharam-potoana ho fiomanan'izy ireo amin'ny fivorian'ny fiadidiana amin'ny manaraka. Diniho ny hiarahana hifanakalo hevitra momba ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no maha-zava-dehibe ny handinihana ireo fanontaniana toy ny ao amin'ilay maodelina fandaharam-potoana?
- Inona no fivoriana na atrik'asa hafa azontsika hiomanana amin'io fomba io?
- Ahoana no ahafahantsika manasa ny Fanahy Masina mba hanampy antsika rehefa hanao drafitra sy hitarika fivoriana isika? (Jereo ny Môrônia 6:9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:2.)

Azonao asaina ihany koa ireo mpikambana ao amin'ny fiadidiana mba hanomana fandaharam-potoana ho an'ny fivorian'ny kôlejy na kilasy manaraka araka ny rindran-damina natao ho an'ny lesona tsirairay ao amin'ny *Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna sy ny Kilasin'ny Zatovovavy*. Asao izy ireo hieritreritra mikasika ireo zavatra nifampiresahan'izy ireo tao amin'ny fivorian'ny fiadidian'izy ireo ka ilaina resahana ihany koa amin'ireo mpikambana ao amin'ny kôlejy sy ny kilasy. Raha ampy ny fotoana dia azonao asaina izy ireo hanao fampiharana fitarihana fivoriana iray amin'ny fampiasana fandaharam-potoana iray izay nomanin'izy ireo.

Afaka mifampiresaka tsindraindray mikasika ny zavatra tsapan'ireo mpikambana ao amin'ny fiadidiana momba ny fivoriana ianao. Azonao apetraka ho isan'ny fifanakalozan-kevitra ataonareo amin'izany ny fanontaniana toy ireto manaraka ireto:

- Moa ve ilay fivoriana nahafahana nanatanteraka ny zavatra nokasaintsika?
- Inona no zavatra nataontsika hanasana ny Fanahy tao anatin'ilay fivoriana? (Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:32.)
- Niezaka ve isika nampandray anjara ny tsirairay?
- Ahoana no ahafahantsika mihatsara?

## LOHARANOM-PITAOVANA METY HANAMPY

- *Boky torolalan'ny Fiangonana maneran-tany: Manompo ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany,* 10.4, 11.3.4, ChurchofJesusChrist.org

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2020 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/20. Fandikana ny *Quorum and Class Presidency Training - Lesson 1*.
Malagasy. PD60010736 654. Natonta tany Etazonia